

PERIKOPA 29 Desambra 2024
(Péricope du 29 Décembre 2024)

Salamo / Psaume 84
1 Samoela / 1 Samuel 1 : 20 - 28
1 Jaona / 1 Jean 3 : 1 - 24
Lioka / Luc 2 : 40 - 52

« Izao no ahafantarantsika ny fitiavana:
Izy no nanolotra ny ainy noho ny amintsika;
ary isika kosa dia mba tokony hanolotra ny aintsika noho ny amin'ny rahalahy. »

« *Voici comment nous avons connu l'amour:*

Christ a donné sa vie pour nous;

nous aussi, nous devons donner notre vie pour les frères et sœurs. »

1 Jaona / 1 Jean 3.16

SALAMO 84 (MRV)

- 1 Endre ny hatsaran'ny tabernakelinao, Andriamanitra, Tompon'izao rehetra izao ô!
- 2 Manina sady vonton'alahelo ny kianjan'NY TOMPO ny fanahiko; mihoby an'Andriamanitra velona ny foko sy ny nofoko.
- 3 Eny, mahita trano ny tsikirity ary mahita akany hametrahany ny zanany ny sidintsidina, dia ny alitaranao, Andriamanitra, Tompon'izao rehetra izao ô, Mpanjakako sy Andriamanitra!
- 4 Sambatra izay mitoetra ao amin'ny tranonao! Hidera Anao mandrakariva izy.
- 5 Sambatra ny olona izay manana ny heriny ao Aminao; ao am-pony ny lalana voavoatra tsara.
- 6 Raha mandeha mamakivaky ny lohasaha Baka izy dia ataony misy loharano izany ary ny lohaorana no manarom-pitahiana azy.
- 7 Mitombo hery eny am-pandehanana izy; samy miseho eo anatrehan'Andriamanitra any Ziona izy rehetra.
- 8 RY TOMPO, Andriamanitra Tompon'izao rehetra izao ô, henoy ny vavaka ataoko! Mandrenesa, ry Andriamanitra'i Jakoba ô!
- 9 Andriamanitra, ampinganay ô, tsinjoivy! Jereo ny tavan'ny Voahosotrao.
- 10 Fa ny indray andro eo an-kianjanao dia tsara noho ny arivo; aleoko mipetraka eo amin'ny tokonam-baravaran'ny tranon'Andriamanitra, toy izay hitoetra ao an-dain'ny ratsy fanahy.
- 11 Fa masoandro sy ampinga NY TOMPO Andriamanitra; fahasoavana sy voninahitra no homen'NY TOMPO, tsy miaro zava-tsoa amin'izay mandeha amin'ny fahitsiana izy.
- 12 Andriamanitra, Tompon'izao rehetra izao ô, sambatra izay olona matoky Anao!

PSAUME 84 (S21)

- 1 Au chef de cœur, sur la guitthith. Psaume des descendants de Koré.
- 2 Combien tes résidences sont aimées, Eternel, maître de l'univers!
- 3 Mon âme soupire et même languit après les parvis de l'Eternel. Tout mon être pousse des cris de joie vers le Dieu vivant.
- 4 Même le moineau trouve une maison, et l'hirondelle un nid où elle dépose ses petits. Moi, je soupire après tes autels, Eternel, maître de l'univers, mon roi et mon Dieu!
- 5 Heureux ceux qui habitent ta maison: ils peuvent te célébrer sans cesse.
- 6 Heureux ceux qui trouvent leur force en toi: ils trouvent dans leur cœur des chemins tout tracés.
- 7 Lorsqu'ils traversent la vallée des pleurs, ils la transforment en un lieu plein de sources, et la pluie la couvre aussi de bénédictions.
- 8 Leur force augmente pendant la marche, et ils se présentent devant Dieu à Sion.
- 9 Eternel, Dieu de l'univers, écoute ma prière! Prête l'oreille, Dieu de Jacob!
- 10 Toi qui es notre bouclier, vois, ô Dieu, regarde le visage de celui que tu as désigné par onction!
- 11 Mieux vaut un jour dans tes parvis que 1000 ailleurs. Je préfère me tenir sur le seuil de la maison de mon Dieu plutôt que d'habiter sous les tentes des méchants,

12 car l'Éternel Dieu est un soleil et un bouclier. L'Éternel donne la grâce et la gloire, il ne refuse aucun bien à ceux qui marchent dans l'intégrité.

13 Éternel, maître de l'univers, heureux l'homme qui se confie en toi!

1 SAMOELA 1 : 20 - 28 [MRV]

20 Dia nanana anaka i Hana tamin'ny faran'ny taona ka nitera-dahy, ary ny anarany nataony hoe Samoela, satria hoy izy: Tamin'NY TOMPO no nangatahako azy.

21 Ary i Elkana vadiny sy ny ankohonany rehetra dia niakatra mba hamono zavatra hatolony ho fanatitra fanao isan-taona ho an'NY TOMPO sy ho fanefany ny voadiny.

22 Tsy mba niakatra kosa i Hana, satria hoy izy tamin'ny vadiny: Aoka aloha mandra-pampisara-nono ny zaza, fa amin'izay aho vao hitondra azy hiseho eo anatrehan'NY TOMPO ka hitoetra ao mandrakizay izy.

23 Ary hoy i Elkana vadiny taminy: Ataovy ary izay tianao; mijanona ihany mandra-pampisarahanao nono azy; hotanterahin'NY TOMPO anie ny teniny. Dia nijanona Ravehivavy ka nampinono ny zanany mandra-pampisarany nono azy.

24 Nony efa nisara-nono ny zaza dia noentiny niakatra niaraka taminy ary nitondra vantotra ombilahy telo sy koba eran'ny efaha ary divay iray siny hoditra koa izy, koa noentiny ho ao amin'ny tranon'NY TOMPO tao Silo ireo; mbola kely ny zaza tamin'izay.

25 Dia novonoiny ny vantotra ombilahy iray ary noentiny ho ao amin'i Ely ny zaza.

26 Ary hoy i Hana: Tompoko ô! Raha velona koa ny ainao, tompoko, izaho ilay vehivavy nitsangana teto anilanao ka nivavaka tamin'NY TOMPO.

27 Ny hahazoako ity zazalahy ity no nivavahako; dia nomen'NY TOMPO ahy izay nangatahiko Taminy.

28 Izaho kosa dia manolotra azy ho an'NY TOMPO. Eny, amin'ny andro rehetra hiainany dia voatolotra ho an'NY TOMPO izy. Dia niankohoka nivavaka tamin'NY TOMPO izy.

1 SAMUEL 1 : 20 - 28 [S21]

20 Dans le cours de l'année, Anne devint enceinte et elle mit au monde un fils qu'elle appela Samuel, car, dit-elle, «je l'ai demandé à l'Éternel».

21 Son mari Elkana monta ensuite avec toute sa famille offrir à l'Éternel le sacrifice annuel et accomplir son vœu.

22 Mais Anne ne monta pas à Silo. Elle dit à son mari: «Lorsque l'enfant sera sevré, je l'y conduirai afin qu'il soit présenté devant l'Éternel et qu'il reste là pour toujours.»

23 Son mari Elkana lui dit: «Fais ce qui te semblera bon, attends de l'avoir sevré. Seulement, que l'Éternel accomplisse sa parole!» La femme resta donc là et elle allaita son fils jusqu'au moment de son sevrage.

24 Quand elle l'eut sevré, elle le fit monter avec elle à Silo. Elle prit 3 taureaux, 22 litres de farine et une outre de vin. Elle conduisit l'enfant à la maison de l'Éternel à Silo alors qu'il était encore tout jeune.

25 Ils égorgèrent les taureaux et conduisirent l'enfant à Eli.

26 Anne dit: «Mon seigneur, pardon, aussi vrai que ton âme vit, mon seigneur, c'est moi qui me tenais ici près de toi pour prier l'Éternel.

27 C'était pour cet enfant que je priais, et l'Éternel a exaucé la prière que je lui adressais.

28 Aussi, je veux le prêter à l'Éternel; il sera toute sa vie prêté à l'Éternel.» Et ils se prosternèrent là devant l'Éternel.

1 JAONA 3 : 1 - 24 [MRV]

1 Endre! Manao ahoana ny fitiavana nasehon'ny Ray ho antsika, dia ny niantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra sady izany tokoa isika! Noho izany dia tsy mahalala antsika izao tontolo izao satria tsy nahalala Azy izy.

2 Ry malala, ankehitriny aza dia zanak'Andriamanitra isika, nefa tsy mbola naseho izay ho toetsika rahatrizay. Fantatsika fa rehefa miseho Izy dia ho tahaka Azy isika ka ho hitantsika Izy amin'izay tena maha Izy Azy.

3 Ary izay rehetra manana izany fanantenana miorina Aminy izany dia manadio ny tenany mba hadio tahaka Azy.

4 Izay rehetra manota no mandika ny lalàna; fa ny ota no fandikana ny lalàna.

5 Ary fantatrareo fa Izy no naseho mba hanaisotra ny ota; ary tsy mba misy ota ao Aminy.

- 6 Izay rehetra mitoetra ao Aminy dia tsy manota; izay rehetra manota dia tsy nahita na nahalala Azy.
- 7 Anaka, aza avela hisy hamitaka anareo. Izay manao ny marina no marina; eny, marina tahaka Azy.
- 8 Izay manota dia avy amin'ny devoly satria ny devoly dia manota hatramin'ny voalohany. Izao no nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra, dia ny handrava ny asan'ny devoly.
- 9 Izay rehetra naterak'Andriamanitra no tsy manota satria ny voany dia mitoetra ao anatiny, ary tsy mahay manota izy satria naterak'Andriamanitra.
- 10 Izany no mampiseho miharihary izay zanak'Andriamanitra sy izay zanaky ny devoly. Tsy mba avy amin'Andriamanitra izay rehetra tsy manao ny fahamarinana sy izay tsy tia ny rahalahiny.
- 11 Fa izao no teny nampitondraina izay efa renareo hatramin'ny voalohany: Tsy maintsy mifankatia isika;
- 12 tsy ho tahaka an'i Kaina, izay avy tamin'ilay ratsy ka namono ny rahalahiny. Ary nahoana no namono azy izy? Satria ratsy ny asany, fa marina ny an'ny rahalahiny.
- 13 Aza gaga, ry rahalahy, raha halan'izao tontolo izao ianareo.
- 14 Fantatsika fa efa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana isika satria tia ny rahalahy. Izay tsy tia dia mitoetra ao amin'ny fahafatesana ihany.
- 15 Izay rehetra mankahala ny rahalahiny dia mpamono olona; ary fantatrareo fa tsy mba misy mpamono olona manana fiainana mandrakizay mitoetra ao anatiny.
- 16 Izao no ahafantarantsika ny fitiavana: Izy no nanolotra ny ainy noho ny amintsika; ary isika kosa dia mba tokony hanolotra ny aintsika noho ny amin'ny rahalahy.
- 17 Ary izay rehetra manam-pananana amin'izao fiainana izao, ary mahita ny fahantran'ny rahalahiny ka mihirim-belona aminy, ahoana no itoeran'ny fitiavana an'Andriamanitra ao anatiny?
- 18 Anaka, aoka tsy ho tia amin'ny teny na amin'ny lela isika, fa amin'ny asa sy amin'ny marina.
- 19 Izany no hahafantarantsika fa avy amin'ny marina isika sy hampahatokiansika ny fontsika eo anatrehany,
- 20 na amin'inona na amin'inona no anamelohan'ny fontsika antsika, satria Andriamanitra dia lehibe noho ny fontsika ka mahalala ny zavatra rehetra.
- 21 Ry malala, raha tsy manameloka antsika ny fontsika dia manana toky eo anatrehan'Andriamanitra isika.
- 22 Ary na inona na inona no angatahintsika dia raisintsika avy Aminy satria mitandrina ny didiny sy manao izay ankasitrahana eo imasony isika.
- 23 Ary izao no didiny dia ny hinoantsika ny anaran'i Jesosy Kristy Zanany sy ny hifankatiavantsika araka ny didy nomeny antsika.
- 24 Ary izay mitandrina ny didiny no mitoetra ao Aminy, ary Izy kosa ao aminy. Izany no ahafantarantsika fa mitoetra ao amintsika Izy, amin'ny alalan'ny Fanahy izay nomena antsika.

1 JEAN 3 : 1 - 24 [S21]

- 1 Voyez quel amour le Père nous a témoigné pour que nous soyons appelés enfants de Dieu! [Et nous le sommes!] Si le monde ne vous connaît pas, c'est qu'il ne l'a pas connu, lui.*
- 2 Bien-aimés, nous sommes maintenant enfants de Dieu, et ce que nous serons un jour n'a pas encore été révélé. [Mais] nous savons que, lorsque Christ apparaîtra, nous serons semblables à lui parce que nous le verrons tel qu'il est.*
- 3 Toute personne qui possède cette espérance en lui se purifie comme lui-même est pur.*
- 4 Tous ceux qui pratiquent le péché violent la loi, puisque le péché, c'est la violation de la loi.*
- 5 Or, vous le savez, Jésus est apparu pour enlever nos péchés et il n'y a pas de péché en lui.*
- 6 Ceux qui demeurent en lui ne pèchent pas; si quelqu'un pèche, il ne l'a pas vu et ne l'a pas connu.*
- 7 Petits enfants, que personne ne vous égare. Celui qui pratique la justice est juste comme Christ lui-même est juste.*
- 8 Celui qui pratique le péché est du diable, car le diable pèche dès le commencement. Or, c'est pour détruire les œuvres du diable que le Fils de Dieu est apparu.*
- 9 Quiconque est né de Dieu ne pratique pas le péché, parce que la semence de Dieu demeure en lui et il ne peut pas pécher, parce qu'il est né de Dieu.*
- 10 C'est à cela que l'on reconnaît les enfants de Dieu et les enfants du diable: celui qui ne pratique pas la justice n'est pas de Dieu, tout comme celui qui n'aime pas son frère.*
- 11 En effet, le message qui vous a été annoncé et que vous avez entendu dès le commencement, c'est que nous devons nous aimer les uns les autres.*

12 N'imitons pas Caïn: il était du mal et il a tué son frère. Et pourquoi l'a-t-il tué? Parce que sa manière d'agir était mauvaise tandis que celle de son frère était juste.

13 Ne vous étonnez pas, mes frères et sœurs, si le monde vous déteste.

14 Quant à nous, nous savons que nous sommes passés de la mort à la vie parce que nous aimons les frères et sœurs. Celui qui n'aime pas [son frère] reste dans la mort.

15 Tout homme qui déteste son frère est un meurtrier, et vous savez qu'aucun meurtrier n'a la vie éternelle en lui.

16 Voici comment nous avons connu l'amour: Christ a donné sa vie pour nous; nous aussi, nous devons donner notre vie pour les frères et sœurs.

17 Si quelqu'un qui possède les biens de ce monde voit son frère dans le besoin et lui ferme son cœur, comment l'amour de Dieu peut-il demeurer en lui?

18 Petits enfants, n'aimons pas en paroles et avec la langue, mais en actes et avec vérité.

19 Par là nous saurons que nous sommes de la vérité et nous rassurerons notre cœur devant lui.

20 En effet, même si notre cœur nous condamne, Dieu est plus grand que notre cœur et il connaît tout.

21 Bien-aimés, si notre cœur ne nous condamne pas, nous avons de l'assurance devant Dieu.

22 Quoi que nous demandions, nous le recevons de lui, parce que nous gardons ses commandements et faisons ce qui lui est agréable.

23 Et voici quel est son commandement: c'est que nous croyions au nom de son Fils Jésus-Christ et que nous nous aimions les uns les autres, comme il [nous] l'a ordonné.

24 Celui qui garde ses commandements demeure en Dieu et Dieu demeure en lui; et nous reconnaissons qu'il demeure en nous à l'Esprit qu'il nous a donné.

LIOKA 2 : 40 - 52 [MPB]

40 Ary ny Zaza dia nihalehibe ka nitombo hery sady feno fahendrena; ary ny fahasoavan'Andriamanitra no teo Aminy. Jesosy tao amin'ny tempoly, fony izy roa amby folo taona

41 Nankany Jerosalema isan-taona ny ray aman-dreniny, rehefa tonga ny andro firavoravoana amin'ny Paska.

42 Koa rehefa roa amby folo taona Jesosy dia niakatra izy ireo, araka ny fanao amin'ny andro firavoravoana.

43 Rehefa tapitra izany andro izany ka nody izy ireo, Jesosy zaza, dia mbola nijanona tany Jerosalema ihany, nefa tsy fantatry ny ray aman-dreniny izany;

44 koa satria noheveriny fa niaraka tamin'ireo izay niara-dia taminy Izy dia nandeha lalana indray andro izy vao nitady Azy tamin'ny havany sy ny olom-pantany.

45 Nony tsy nahita Azy izy ireo dia niverina ho any Jerosalema nitady Azy.

46 Rehefa afaka hateloana dia hitany tao amin'ny tempoly Izy, nipetraka teo afovoan'ny mpampianatra ka nihaino sady nanontany azy.

47 Dia talanjona izay rehetra nandre Azy noho ny fahalalany sy ny famaliany.

48 Ary raha nahita Azy izy ireo dia gaga ka hoy ny reniny taminy: Anaka, nahoana no nanao izao taminay lanao? E izato alahelonay sy ny rainao nitady Anao!

49 Fa hoy Izy taminy: Nahoana no nitady Ahy ianareo? Tsy fantatrareo va fa tsy maintsy ho eto amin'ny tranon'ny Raiko Aho?

50 Nefa tsy azon'izy ireo ny teny izay nolazainy taminy.

51 Dia niara-nidina taminy nankany Nazareta Izy ka nanao azy. Ary ny reniny dia nitahiry izany teny rehetra izany tao am-pony.

52 Ary Jesosy nitombo fahendrena sy tena ary fahasoavana teo amin'Andriamanitra sy ny olona.

Luc 2 : 40 - 52 [S21]

40 Or l'enfant grandissait et se fortifiait [en esprit]. Il était rempli de sagesse et la grâce de Dieu était sur lui. Jésus à 12 ans dans le temple

41 Les parents de Jésus allaient chaque année à Jérusalem pour la fête de la Pâque.

42 Lorsqu'il eut 12 ans, ils y montèrent avec lui comme c'était la coutume pour cette fête.

43 Puis, quand la fête fut terminée, ils repartirent, mais l'enfant Jésus resta à Jérusalem sans que sa mère et Joseph s'en aperçoivent.

44 Croyant qu'il était avec leurs compagnons de voyage, ils firent une journée de chemin, tout en le cherchant parmi leurs parents et leurs connaissances.

45 Mais ils ne le trouvèrent pas et ils retournèrent à Jérusalem pour le chercher.

46 Au bout de trois jours, ils le trouvèrent dans le temple, assis au milieu des maîtres; il les écoutait et les interrogeait.

47 Tous ceux qui l'entendaient étaient stupéfaits de son intelligence et de ses réponses.

48 Quand ses parents le virent, ils furent frappés d'étonnement, et sa mère lui dit: «Mon enfant, pourquoi as-tu agi ainsi avec nous? Ton père et moi, nous te cherchions avec angoisse.»

49 Il leur dit: «Pourquoi me cherchiez-vous? Ne saviez-vous pas qu'il faut que je m'occupe des affaires de mon Père?»

50 Mais ils ne comprirent pas ce qu'il leur disait.

51 Puis il descendit avec eux pour aller à Nazareth et il leur était soumis. Sa mère gardait précieusement toutes ces choses dans son cœur.

52 Jésus grandissait en sagesse, en taille et en grâce devant Dieu et devant les hommes.